Fikaonandoham-pirenena 3

**Krizy ara-politika ny fifandiran'ny mpitondra sy ny mpanohitra**

Ny Valosoa sy fakafaka 2

**Manome bala hitifirana azy Ra Fanjakana**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 30 aogositra 2022 Laharana 1337 Vidiny : **500 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


UFRSS Mandritsara 2

**Diso fanatenana ary mitaraina ireo mpianatra**

## Filoha Marc Ravalomanana 2

# Nandray anjara mavitrika tamin'ny fihaonamben'ny STK FJKM



## Distrikan'Ikongo 2

# Am-polony no maty voatifitra, 33 hafa naratra




## TM Boriborintany faha 3 3

# Nizara fitaovam-pianarana ho an'ireo ankizy mpianatra




## Ny Artista Tence Mena sy Eudino 3

# Miantso firaisankinan'ny mpanakanto hanohana an'i Ninie Donia


Tence Mena

5 h

Mitsangana atsika artiste jiaby allo atsika agnampy havantsika namantsika Olobentsika Ninie Doniah REINE DU SALEGY 🙏

#Aimons_nous_vivants

Avy niresaka tam zokivavy za vo teo ary mbola à l'hôpital izy hatramzao fa misy numéro ity afahantsika rehetra zay tsara antsitrampo agnampy azy 0349667993 marihiko eto fa numéro ny zandriny io satria izy mbola tsy manana droit à téléphone am mbola gadra mpanjakana anazy

Misaotra atsika jiaby

Ampanjakao ny fitiavana

#Aimons_nous_vivants

## Antoko HVM 3

**Hisy ny varavarana hisokatra ho fiatrehana ny raharara politika**

## Lalao miverin'i Botswana sy ny Barea - Chan 8

**Efa misokatra ny famarotana tapakila**

## Daka kely

Faty olona eran'ny tanàna, inona no mba ataonareo ry Boaikely a ?

FILOHA MARC RAVALOMANANA

# Nandray anjara mavitrika tamin'ny fihaonamben'ny STK FJKM



Tonga tany Toamasina nanatrika ny fihaonamben'ny Kristiana tanora FJKM ny filoh alefitry ny FJKM, sady filohan'ny jobily faha 200 taona nidiran'ny filazantsara teto Madagasikara teo aloha ny filoha Marc Ravalomanana. Nisy ny andraikitra noraisiny tamin'izany dia ny fampiofanana Leadership Chrétien ho an'ireo tanora. Zava-debibe amiko ary raisiko adidy hoy ny filoha Marc Ravalomanana ny fizarana fahalalana sy ny fifanakalozan-kevitra amin'ny sehatra rehetra. Izany indrindra no namaliako ny fanasana nataon'ny Sampana Tanora Kristianina eto anivon'ny FJKM izay miatrika ny fihaonambe aty Toamasina ka nandraisako anjara tamin'ny fampiofanana "Leadership Chrétien". Ny kristianina dia olom-pirenena hoy ny filoha Ravalomanana,koa mitodika manokana aminareo tanora aho, tsarovy hatrany fa manan-danja ianareo eo anivon'ny fiarahamonina sy ny firenena. Ankoatra izay filaharambe namakivaky ny tanànan'i Toamasina no nataon'ireo tanora STK FJKM tonga tao Toamasina nanamarihana ny famaranana ny Fihaonambe izay nataon'izy ireo . Nitarika izany ireo Mpitandrina avy amin'ny Birao Foibe FJKM izay notarihan'ny Sekretera Jeneralin'ny Fiangonana niaraka tamin'ny Filoha Lefitra teo aloha Marc Ravalomanana.

***Helisoa***

Distrikan'Ikongo

# Am-polony no maty voatifitra , 33 hafa naratra

Zava-doza indray no nitranga tany amin'ny distrika Ikongo satria 10 maty voatifitra, 33 hafa naratra mafy nalefa any amin'ny hopitaly ao Ikongo, tamin'ireo fokonolona nitaky fitsaram-bahoaka omaly 29 aogositra. Araka ny fanazavan'ny solombavambahoakan'i Madagasikara Jean Brunelle Razafintsiandraofa izay voafidy tao amin'ity distrika ity, tao amin'ny onjampeo tsy miankina iray. Taorian'ny famonoana ilay renim-pianakaviana nataon'ny jiolahy, naka an-keriny ilay zanany varira, voasambotra ireo efadahy, voarohiroy izay notanan'ny zandary ao amin'ny Toby ka notakian'ny fokonolona atao fitsaram-bahoaka. Nolavin'ny mpitandro filaminana anefa izany na dia teo aza ny fifampiresahana, ary dia tsy nisy ny vahaolana. Raikitra ny sakoroka, nitifitra ny zandary, vokany am-polony namoy ny ainy ary marobe ireo naratra mafy izay miisa 33.



*Ny tanànan'i Ikongo.*

***Helisoa***

UFRSS Mandritsara

# Diso fanatenana ary mitaraina ireo mpianatra

Faly avokoa ny ankamaron'olona tato min'ny Distrikan'i Mandritsara rehefa nahazo Oniversite na sampana Anjery manontolo teto antampo-tanana. Ny maha sadaikatra ankehitriny fotsiny dia ny fihetsiky ny mpanabe sy ny tompon'andraikitra sasany amin'io UFRSS (Unité de Formation et de la Recherche en Science Sociale) eto Mandritsara io. Maro ny manontany tena ankehitriny fa mbola tena Oniversite marina ve ity sampam-pianarana ity sa toerana efa ho very lasiteo mihitsy? Ny sasany moa milaza tsotra izao tsy Anjery Manontolo izany intsony ny eto fa Anjery Bontolo. Tsy toeram-pikarohana intsony fa toerampamaharan'ny faikamboto! Ireo no ampahany fanazavana voangona tamin'ny mpianatra maromaro mampiseho zava-misy amin'io UFRSS eto Mandritsara io. Toerana natao ho fanovozam-pahalalana, ho fampahiratan-tsaina sy fikarohana anefa ny Anjery Manontolo, ary tokony atao ankahalalahana tanteraka ny asam-pikarohana rehetra mba ahafahan'ny mpianatra mivelatra amin' ny maha olona azy eto anivon'ny Firenena. Tsy izany anefa ny zava-mitranga eto Mandritsara, raha ny fitarainan'ireo mpianatra, izay tsy misy sahy miloa-bava ampahabemaso intsony! Miantso vonjy izy ireo. "Efa malemy ny mpianatra jiaby ato amin'ny UFRSS Mandritsara, satria izay minia mamaly na sahy manakiana ny tsy mety dia tsy ampahafahina amin'ny fanadinana, izany hoe tsy maintsy mamerina kilasy. Hitan'ireo mpanabe hatrany ny ilazana fa tsy araka ny tokony hoizy ny fanehoankevitra natao nandritry ny fanadinana, na dia nirindra araka ny fampianarana nomeny aza. Ka ambory fa matahotra sy mitebiteby mandrakariva ny mpianatra tsirairay", io no fanamarihana noentin'ny mpianatra iray tsy sahy ary nandrara mafy ny tsy amoahana ny anarany. Tsy vitan'izany fa mbola misy zava-doza hafa izay tsy fahita amin'ny tena Oniversite. Maro ireo zatovo vavy mianatra amin' ity UFRSS eto Mandritsara ity, no tratran'ny fandrahonana. Misy amin' ireo mpanabe no manararaotra ny fahalemen'ireo mpianatra ankizy vavy eo ambany fiahiany ireo, ka araraotiny mba hanome fahafampo azy ireo amin' ny filandratsy ara-nofo. Raha sendra mandà azy ireo ny mpianatra, ka mamaly hoe tsy te hiaraka amin'ny lahintitra mpanabe ireo, dia voarahona tsy hoafaka fanadinana amin'ny faran-taona! Miaina tanteraka amin'ny tahotra sy tebiteby ireo mpianatra ireo. Mangataka ny tompon'andraikitra mahefa izy ireo mba hitondra fanadihadiana manokana mahakasika ny zava manjo azy ireo amin'ity UFRSS Mandritsara ity. Ny azo antoka, raha tena voahaja ny tsiambaratelon'ny fanadihadiana dia ho maro ny zavatra hivoaka eo. Izay ihany ny lalantokana ahafahana mametraka ny UFRRS Mandritsara mba ho anisan'ny Anjery Manontolo hanana ny maha izy azy fa tsy hijanona ho bontolo tahaka ny miseho ankehitriny!

***Helisoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*


## Manome bala hitifirana azy Ra Fanjakana

Hita sy tsapa ankehitriny raha ny lohanteny no jerena fa mitifi-tena, mandrora mitsilany tokoa ra-fanjakana hoy ireo olona izay tafaresaka tamin'ny gazety Ny valosoa vaovao . Maro ny antony ilazana izany ary efa hita porofo avokoa na ny lafiny ara-tsosialy, na ny lafiny ara-barotra, fiaraha-monina sy ny sisa nefa moa ny ara-politika no efa tsy maty ao antsain'ny maro satria efa miparitakaka eran-tany sy manala-baraka mihitsy moa. Ny teny hoe demokrasia dia tsy manaitra ny maro intsony, ny laharampahamehana dia tsy fantatra fa ny manara-penitra hatrany no atao takon'henatra hoy ny maro. Ny teny hoe: Ra-Gôva koa ohatra, dia efa tsy nankasitrahan' ny rehetra mihitsy . Ny fomba nandaniana azy aza dia efa tao anatin'ny lalam-panorenana sadasada, ekipa iray ry ra-gôva nefa mbola misy mahavita toetra mamoafady manoloana vehivavy vahiny mpamita iraka hatrany tany alaotra mangoro, ka manala baraka tanteraka sady manapaka fiara-miasa, hanao ahoana ny ekipa ra-Gova raha izao ny zavamisy? Ny fifampitondrana moa dia efa matsatso eo amin' ny samy mpitondra, ny tandrevaka efa tsy tambo isaina any amin'ireo ministera, karama tsy voaloa, volamena very, grevy....., nefa dia mbola hodian-tsy hita ihany ireo fahavoazana. Nolazaina fa indostria 107 no noforonina tao anatin'izay 4taona nitondrana izay, nefa ny sasany aza efa ela netezana dia hanaovana resabe eny foana, eo ohatra ny Sirama mpamokatra siramamy sy toaka toa lasa orinasa mpanao sandoka amin'ny loka izay omena, tirage au sort ny num. finday dia hoe mahazo fiara 4×4, moto sy ny sisa, nefa na siramamy aza toa tsy hitan'ny mason'ny mpanjifa intsony, ireo izay hamidy ankehitriny efa tsy takatra tojo hatramin'ny 4800ar/kg, satria avy ivelany, eo koa ny vary tsinjo izay lalan-diso avokoa rehefa tonga ety amin'ny sehatry ny mpanjifa. Lasa atao tapomaso sy takombava avokoa ny politikan-dRajoelina, maro ireo olona voalambolambo amin'ny fanomezana vary kely sy menaka 1litatra dia very dia amin'izany, hita anefa fa na izy lasa any Tunis aza mandeha tsy manao veloma ary mety ho tonga tsy miarahaba koa aza, dia efa fanaovana tsinontsinona avokoa, ka tokony ahatongasaina ny rehetra ihany.

***Beharo***

Ny Artista Tence Mena Sy Eudino

# Miantso Firaisankinan'ny Mpanakanto hanohana an'i Ninie Donia



Naneho hevitra ny mpanakanto Tance Mena sy Eudino manoloana ny zavatra mahazo an'i Ninie Donia, mpanakanto nanandratra avo ny kolotsaina Malagasy mpanjakan'ny salegy izay migadra tratry ny aretina ankehitriny. Nisy ny antso nataon'izy ireo manoloana izany

"Mbola Tsara Koezy Koezy Akory Aro
Misy toetry mampalahelo zaho amitsika mpanankato
Surtout andeha amitsika jiaby Artiste côtier fa indrindra atsika zanaka avaratra jiaby fa zaho malahelo raha ty tsy vitako zaho zaraiky .Izio zaho mahita tsara atsika tsy mifankatia ary manavakavaka sora ampiagna koragna tsy lava fa mbola velona Ninie donia tsy artiste fa nera izy vao maty eo anareo magnano magnampy sa karakory
Rango izy voarohiroy gadra anareo mizaha miragna mizaha tay amorondalana sanatria izy ampanjaka
Izy izy ambaravarana sarotro mbola tsaro nisy araiky amin'ny anaro remandreny ny salegy tsisy araiky mitsangana mba nadresy lahatra hoe : Ataotsika akory izy mbola tsy naregny koragna karazegny zaho tato .
Mba magnovaha anaro fa fandalaovana eto antany
{ fa karaha efa Be edy anarô io ai }"

***Nangonin'i Helisoa***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fikaonandoham-pirenena

# Krizy ara-politika ny fifandiran'ny mpitondra sy ny mpanohitra

Na milaza sy manamafy aza izao fitondrana izao fa tsy misy krizy eto Madagasikara dia tsy takona hafenina ny tranga etsy sy eroa, fa misavovona toy ny fako tsy voaroaka ny olana eo amin'ny sehatra rehetra. Na tiana na tsy tiana dia krizy ara-politika ny fifandiran'ny mpanohana ny fitondrana sy ny mpanohitra momba ny « fikaonandoham-pirenena » hamakafakana ny olona rehetra sy ny vahaolana mifanandrify amin'ny singa tsirairay fototr'izany. Na ny Komitin'ny Fampiahavanana ny Malagasy (CFM), ny Fivondronan'ny Fiangonana Kristiana Malagasy (FFKM) sy ny Fiarahamonim-pirenena ary ny Vondrona Iraisam-pirenena, toy ny Vondrona Eropeana aza, dia mamporisika ny hanaovana izany. Ny olana dia ny mpitondra sy ny mpomba azy no miziriziry ny tsy ilàna izany satria efa mandroso hono ny Firenena. Ny azo lazaina dia raha tena mandroso tokoa ny Firenena dia tsy sarotra ny mandresy lahatra ny mpanohitra amin'izany saingy hita sy tsapa, fa mitavozavoza sy tsy maharesy lahatra ny mpomba ny fitondrana eo amin'ny fanaporofoina ny fanamarinana izany. Miakatra an-tsehatra hatramin'ny manam-boninahitra ambony manambara fa tsy ilaina, hono, izany fikaonandoham-pirenena izany fa tokony ifantohana ny fampandrosoana. Tsy manaja ny etikan'ny foloalindahy intsony ny manamboninahitra gasy, ka tsy ny fiarovana ny Firenena no imasoana fa maneho hevitra politika noho ny fikatsahana toerana mampisongadin-tena ao anivon'ny fitantanana ny Firenena. Raha ampatsiahivina ny zava-nisy tamin'ny 1991 izay nampivoatra zavatra ihany satria tsy niditra tamin'ny resaka disadisa ara-politika ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena tamin'izany fotoana izany, fa nasainy nihiboka tao amin'ny Hotel Panorama ny politisiana ary tsy navelany nivoaka tao raha tsy namoaka fifanarahana niombonana amin'ny fomba nitantanana ny Firenena. Tsy ilaina ihany koa hono izany fikaonandoham-pirenena izany fa tokony hifantoka amin'ny fifidianana ny hatao. Ka na tiana na tsy tiana ihany koa dia ny olana nisy sy noho ny ahiahy, fa tsy ho madio ny fifidianana amin'ny 2023 no antony iray lehibe hanaovna ny fikaonandoham-pirenena. Raha tany Afrika no nisy ireny resaka « doublon » an-tapitrisa ireny dia ho korontana nahatsiravina no nitranga; saingy Hendry ny Malagasy. Ambonin'izany dia miteraka ahiahy ihany koa ny fanoloana Sefom-pokontany ataon'ny mpitondra satria mirotsaka amin'izany hatramin'ny depiote izay mandà izany kanefa matoa miditra amin'ny raharaha ny talen'ny kabinetran'ny depiote dia ao raha. Etsy an-kilany dia miteraka disadisa eo anivon'ny foloalindahy ny fampiasana azy ireo amin'ny andraikitra tsy tokony omena azy dia ny famoretana ny olompirenena, tsy mitovy hevitra amin'ny mpitondra, haneho hevitra na dia ao amin'ny taniny mifefy aza. Inoana fa samy tsy te-hihaina amin'izao toe-draharaha misy eto amin'ny Firenena izao, na ny vady aman-janaky ny foloalindahy na ny vahoaka tsy mandady harona na ny vady aman-janaky ny mpanao politika. Saingy matoa ny mpitondra sy ny tandapa miaraka amin'ny ankohonany tsirairay avy miaro tena tsy hikaon-doha hanatsarana ny fiainan'ny besinimaro dia misy zavatra arovany ao. Raha vao idiran'ny resaka politika, na idiran'ny politisiana ny toe-draharaha iray dia miteraka krizy. Porofon'izany ny nidiran'ny filohan'ny Repoblika tamin'ny fihaonan'ny Tanora Katolika, JMJ, ka nanomezany kit kitapo sy gourde . Na niezaka aza ny tomponandraikitra mpikarakara ny fihaonana dia niteraka disadisa teo amin'ny samy katolika izany. Tsy milamina mihitsy ny ao amin'ny Fiangonana Jesosy Mamonjy satria niandany tamin'ny andaniny ny politisiana sy ny manampahefana sasany, ka mahatsiaro ho atao an-kilabao ny ankilany. Fifidianana no fototry ny olana ka andraikitry ny politisiana niditra tamin'ny raharaha no mampihavana ireo mpifanandrina, satria vao eo anivon'ny fiarahamonina kely iray aza no misy fifanolanana sy fifamonoana dia ho loza no hitranga eto raha toy izany koa no hisy eto amin'ny Firenena. Ny isavorivoriana, hono, hilantoana hoy ny fahendrena malagasy, mitombona ihany koa ny votoatin'ny "materialisma dialektika" izay mizotra amin'ny làlantsaina hoe ao anatin'ny fifanoheran-kevitra no hampisongadina ny hevi-dehibe hampivoatra ny fiainampirenena eo amin'ny lafiny rehetra. Ilaina foana ny hevitr'ireo heverina ho madinika (on a toujours besoin d'un plus petit que soit) hoy ny mpanoratra frantsay iray. Tsy mampihetry voninahitra ny manetry tena ary ilaina ihany koa ny hevitry ny vitsy an'isa ety ivelan'ny fitondrana satria hevitra fototry ny demokrasia izany.

***Andry Tsiavalona***

**KOMININA FIHAONANA FARITRA BONGOLAVA**

# Maka vola tsy misy Rosia ny delege sy Prefektiora Tsiroanomandidy

Velon-taraina ny vahoaka ao aminy Faritra Bongolova Distrikany Tsiroanomandidy Kominina Fihaonana noho ny fakana vola mihoam-pampana ataon'ireo delegem-panjakana sy ny Prefektiora ao Tsiroanomandidy. Tonga nilanja sora-baventy nanoloana ny biraon'ny Kominina ireo Tantsaha nentin'izy ireo nanehoana ny tsindry hazo lena sy fakana vola tsy ara drariny mahazo azy. Handoavan'ny tantsaha vola 3500ar ny omby rehefa maty ary 55.000 ar isaky ny Omby kosa no aloha aminy FIB raha 50.000 ar izany teo aloha , kanefa sady tsy misy Rosia. Ny vola aloha ao aminy prefet indray raha hanao fasana 400.000 ar hatramin'ny 600.000 ar, ny "autorisation" hanaovana Famadihana hondoavana vola fa tsy misy Rosia ary farany ny fanavaozana taratasim-basy tsy misy rosia ihany koa kanefa nakarina 70.000 ar hoy ireto Olona nilanja sorabaventy ireo .
Nanamafy ny fijoroana vavolombelona nataon' reo tantsaha ny ben'ny Tanàna kominina fihaonana fa ny Prefet no maniraka ireo delege any aminy Boriborintany hanao io fitakiam-bola tsy misy rosia io satria na dia efa nandefasan'ireo sefo fokotany fitarainana an - tsoratra ny 26 jolay 2022 lasa teo tany amin'ity farany fa tsy nisy ny fepetra mba noraisiny. Efa maro ny tatitra natao taminy prefet fa tsy nisy fandraisana Andraikitra na dia iray aza. Efa nisy hoy ny ben'ny Tanàna ny fitarainana natao tany aminy Ministera ny hanoloana ny prefet tsiroanomandidy sy ny delege Boriborintany kominina Fihaonana satria efa tsy rariny loatra ny fakana vola atao amin' ireo
Vahoaka , nefa tsy hita hoe alefa aiza Izany vola Izany.
Andrasana izay mety fanazavana ho entin'ny préfet Tsiroanomandidy sy ny delege Boriborintany ao aminy Kaominina fihaonana mikasika ity raharaha ity satria samy tsy tao an toerana izy ireo taminy fotoana nandalovan'ny mpanao gazety tao Tsiroanomandidy.

***Ny Valosoa***

Antoko HVM

# Hisy ny varavarana hisokatra ho viatrehana ny raharara politika

Elaela no tsy nandrenesampeo loatra ny antoko HVM fa mpikambana vitsivitsy no hita maneho hevitra rehefa misy ny zavatra tsy mety miseho eto amin'ny firenena toy ny filoha nasionaly Rivo Rakotovao . Manoloana izany indrindra dia nisy ny fanambarana mivoaka fa ny antoko HVM dia mikarakara varavarana misokatra ho an'ny Rehetra ho fanokafana ny fiatrehana ny raharaha politika (Rentrée Politique) ny Sabotsy 03 septambra 2022 ho avy izao eny amin'ny foiben-toeran'ny antoko eny amin'ny QG Andraharo immeuble près Batimax-Antananarivo, manomboka amin'ny 09 ora maraina. Ireto avy no ho hitanao ao amin'ny fandaharam-potoana araka ny nambaran'ny mpikarakara famelabelaran-kevitra arahina adi-hevitra : fampirantiana ny drafitra fisandratan'i Madagasikara sy ireo zavabitan'ny antoko , Fampiofanana sy fifampizarana ho an'ireo Tanora sy Vehivavy ary fandraisana ireo hiditra ho mpikambana vaovao sy fifampizarana ny fianan'ny antoko.

***Helisoa***

TIM Boriborintany faha 3

# Nizara fitaovam-pianarana ho an'ireo ankizy mpianatra

Tsy mijery fotsiny ny fahasahiranana mahazo ireo Ray amandreny sahirana amin'izao fotoana fampidirana mpianatra ankehitriny izao ny depiote voafidy tao amin'ny boriborintany faha 3 Feno Ralambomanana , fa nisy nisy ny hetsika nataony mba hanalàna fahasahiranana azy ireo . Notontosaina ny sabotsy teo tao amin'ny QG Bel'Air ny fizarana kits scolaires ho an'ny taom-piaranana 2022-2023 ho an'ny Fokontany 34 mandrafitra ny Boriborintany faha-3 avy amin'ny Solombavambahoaka Feno Ralambomanana. Ankizy 300 mahery tena sahirana kilasy T1, T2, T3, T4, T5 no nisitraka izany mba hanampiana ireo Ray aman-dReny amin'ny fampidirana ny zanany an-tsekoly.

***Helisoa***




## TONONKALO

### Mpitondra tia mitety tany

Hatreto tsy ahitana vokatra ry zareo mitety tany,
Fa ny fahoriam-bahoaka no mitohy hatrany hatrany.
Fanalana fanaintainana , tsy mitoetra fa mandalo,
Izay no hany tetikadiny noho ny tahotra an-dRavalo !

Ny voandalana mba entiny ary hita ho mitobaka,
Dia ronono an-tavy hatrany miampy esona sy kobaka.
(Mody hafatratra an-kitapo izay mivolona voasary .)
Izay no tena misongadina ary koa mibaribary !

Dia omena vatsy kely ho tampi-maso ny vahoaka,
Fa ny saron`ny vilany efa atahorana hipoaka.
Avy eo midera tena indray ireo efa tsisy kalitao
Fa hoe mijery antsika fatratra, hono , izao tontolo izao !

Mijery antsika Malagasy diso lalana tokoa,
Satria ny zava-mahamaika dia ireo tsy mahasoa.
Ireo karazan-drendrarendra no hany tena lohalaharana,
Ka dia mihemotra hatrany fa tsy misy fivoarana !

Mijery antsika Malagasy tena manam-be an-tanana,
Saingy indrisy , saingy indrisy , lavitry ny fiadanana,
Fa mpitondra sy ny akama no mampiasa hafetsena,
Ka mitavana , manondrana ireo haren`ny firenena !

...Tena tsy ahitana vokatra ry zareo mitety tany,
Fa midika ho tampi-maso fandaniam-poana hatrany.
Ka dia tsotra anio ny teny avy amin`ny gasy leo sy fay:
Mialà fa aza tia mibitaka amin-javatra tsy hay !

***TSIMIMALO (23-08-22)***

## PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Mitantsoa A.**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

LW

**Ny Diabe namakivaky ny tanàna namaranana ny fihaonamben'ny STK FJKM tany Toamasina.**





















# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Navalona

**Ny fampianaran'ny filoha Ravalomanana ny «Leadership» ireo tanora FJKM tany Toamasina.**


















AMBANJA

# Rongony 840 kg no saron'ny zandary avy eto Antsohihy

Manao hetsika ho fiadiana amin'ny fiparitahan'ny zava-mahadomelona, dia ny fisavana ny alan'ny rongony ao Analabe, izay toerana malaza fambolena rongony eo anelanelan'i Mangindrano sy Tsaratanana samy disitrikan'i Ambanja, ireo tompon'andraikitra aty avaratra ankehitriny nanomboka ny 18 aogositra teo. Ny zandarimariam-pirenena sy ny avy eo anivon'ny sampan-draharahan'ny tontolo iainana no miara-misalahy satria dia toerana eo ambany fahin'ny MNP na ny "Madagascar National Parks " ity toerana lasa fambo-




lena rongony ity. Tonga tany an-toerana ny Kapiteny Tobiasy Andriantsihoarana, Komandin'ny Vondron-tobim-paritra zandarimaria Antsohihy sy zandary vitsivitsy nanao ny fisafoana. Ka rongony 42 gony milanja 840 kilao no sarony izay mikajy tao anaty ala tany amin'ny 05 km avaratra andrefan'ny fokontany Ampanompia kaominina Marotolana, disitrikan'i Ambanja ny alin'ny 22 aogositra lasa teo.

Tsy hitsahatra hatreo ny hetsika fa mbola hitohy, izao natao mba ho fampihenana sy hanafoanana ny fidorohana ny zavamahadomelona ataon'ireo tanora izay tsy mitsahamitombo isa ankehitriny. Eo ihany koa ny fiarovana ny lafin'ny tontolo iainana dia ny ala izay arovana, hoy ny fanazavana.

***Niaina***

Antsohihy faritra Sofia

# Miseho lany ny trafikana rongony amin'izao fotoana

Miseho lany amin'izao fotoana ny trafikana zavamahadomelina rongony any amin'ny distrikan'Antsohihy faritra Sofia. Na eo aza izany, miara-miasa ny fokonolona sy ny mpitandro filaminana hoentimiady amin'ity fanetriben'ny firenena ity. Saron'ny mpitandro filaminana ny rongony 840 kg na 42 gony, tany amin'ny kaominina Marotolana distrikan'Antsohihy. Ny fiaraha-miasan'ny fokonolona sy ny avy amin'ny kaompanian'ny zandarimariam-pirenena Antsohihy no nahazoana izao vokatra izao. Araka ny vaovao voaray ihany koa, manana basim-borona sy basy vita gasy ireo mpamboly sy mpisehatra amin'ity resaka zava-mahadomelina ity, any amin'iny faritra Sofia iny. Na izany na tsy izany anefa, miezaka amin'ny famongorana izany ny mpitandro filaminana any an-toerana.

***Stefa***

Miandrivazo

# Miantso ny mpandraraha hividy ny vokatra ireo tantsaha

Isany ireo distrika mpamokatra tsaramaso eto Madagasikara ny distrikan'ny Miandrivazo, saingy indrisy fa dia mijaly ireo tantsaha amin'ny ataon'ireo mpanangombokatra satria dia amin'ny vidiny farany ambany no hividianana ny vokatr'izy ireo. Raha ny tamin'ny taona lasa teo no jerena dia efa tany amin'ny 1.400 Ariary ny kilaon'ny tsaramaso no nividianan'ny mpanangom-bokatra, ary saika mbola izany ihany koa ny tamin'ity saingy .nandray andraikitra ny tompon'andraikitra izay notarihin'ny prefet ny Morondava sy ny solombavambahoaka izay voafidy tao Miandrivazo ka namory ireo mpisehatra amin'ny tsaramaso ny alahady 21 aogositra lasa teo . Tapaka tamin'izay fa tsy maintsy 3.000 Ariary ny kilaon'ny tsaramaso ao anatin'ny distrikan'ny Miandrivazo. Indrisy anefa fa na dia neken'ny rehetra aza izany dia niray hina tsy misy mividy ny tsaramason'ireo tantsaha ireo mpanangom-bokatra. Noho izany, mitaraina ireo tantsaha ary manao antso avo ny hijerena ny fampiharana ny fepetra izay tapaka satria ny ao amin'ny distrikan'ny Beloha/Tsiribihina dia 2.400 Ariary ny kilao. Takian'ny vahoaka tantsaha ao Miandrivazo ny hijerena fepetra iraisana ho an'ny faritra Menabe sy manerana ny nosy. Ankoatra izay, manao antso avo koa ny solombavambahoaka izay voafidy tao amin'ny distrikan'ny Miandrivazo ho an'ireo mpividy tsaramaso ao Miandrivazo ny mba hanantantehana izay efa nifanekena, ary ho an'ireo mpividy tsaramaso manerana ny nosy mba hidina hividy ny vokatra ao Miandrivazo. Izany moa no nivoitra nandritrin'ny fihaonana tao amin'ny kermesin'ny tsaramaso tao amin'ny kaominina ambanivohitry Nosimena ao amin'ny distrikan'ny Miandrivazo.

***Stefa***

« Cours MA pour les arbitres élites »

# Nifarana tamin'ny zoma 26 aogositra

Nifarana ny zoma 26 aogositra 2022 tamin'ny alalan'ny fizarana ny "Certificat" izay natrehin'ny Filohan'ny FMF sy ireo mpikambana vitsivitsy ao amin'ny Kômity mpanatanteraka an'ity rafitra ity ny « cours MA pour les arbitres élites » natao nandritra ny dimy andro teny amin'ny Complexe Sportif et de Loisirs Cnaps Vontovorona. Niompana tamin'ny fiananarana sy ny fampiharana teny an-kianja ny "Modification des Lois du Jeu 2022-2023" ny fiofanana natao nandritra an'izay dimy andro izay ary nota-




*Mpiofana tamin'ny « cours MA pour les arbitres élites ».*

rihan'ny "instructeur" Fifa, Atoa Damon Jason nivantana. Nahavaky vava an'ity "instructeur" Fifa ity ny fahatsiloin-tsainan'ireo mpitsara baolina kitra Malagasy sy ny fahazotoan'izy ireo miatrika fiofanana ka nahatonga azy nilaza fa mety hisy amin' izay mpitsara Malagasy ho voafidy hitsara ny lalao "mondial" atsy aoriana kely atsy.

***Rainilita***

Etazonia

# Nanolotra 20 tapitrisa dolara ho fanampiana any Madagasikara aminy fanjariantsakafo

Nambaran'ny Ambasadaoro amerikana Claire A. Pierangelo nandritra ny lahateny an-gazety natao tao amin'ny masoivohon'i Etazonia androany fa hanome 20 tapitrisa dolara fanampiny ny Governementan'i Etazonia, amin'ny anaran'ny vahoaka amerikana, mba hanatsarana ny fanjariantsakafo any amin'ny faritra atsimo sy andrefan'i Madagasikara.

Ny famatsiam-bola dia ampahany amin'ny ezaka lehibe ataon'i Etazonia hanalefahana ny voka-dratsy aratsosialy sy ara-toekarena nateraky ny ady tany Ukraine. Manampy ihany koa amin'ny fanatanterahana ny vina amerikana antsoina hoe "Feed the Future", izay efa nambaran'ny Filoha amerikana efa volana vitsivitsy izay, momba ny fiarovana ny fanjariantsakafo manerantany, ka anisan'ny firenena voafantina hisitraka izany vina izany i Madagasikara.

Ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana Iraisampirenena na USAID dia hampiasa ireo vola ireo amin'ny tetikasa vaovao sy efa an-dalampanatanterahana. Hamafisina noho izany ny fahaizan'ny vondrom-piarahamonina tena marefo indrindra eto Madagasikara miatrika fotoan-tsarotra, amin'ny alàlan'ny fanampiana eo amin'ny lafin'ny fahasalamana, sakafo, fambolena, fivelomana ary fitantanana ny loza sy ny tandindon-doza. Ny famatsiam-bola ihany koa dia hanome sakafo mahavelona ho an'ny vondron-piarahamonina any Atsimo amin'ny alàlan'ny Programme Alimentaire Mondial (PAM).

"Ny ady any Ukraine, izay toa heverina ho lavitra antsika nefa misy fiantraikany amin'ny famatsiana vokatra manerantany, dia niteraka fiakaran'ny vidin-tsakafo, zezika ary solika eo amin'ny sehatra iraisampirenena, ary anisan'ny voakasik'izany i Madagasikara," hoy ny Ambasadaoro Pierangelo tamin'ireo mpanao gazety. "Ny fiantraikany lehibe ara-tsosialy sy ara-toekarena aterak'io fikorontanana ara-pamatsiana manerantany io dia mbola mety hanavesatra bebe kokoa ny olana aratoekarena efa zakain'ny firenena maro mandalo fotoan-tsarotra toa an'i Madagasikara."

I Etazonia no mpamatsy vola lehibe indrindra amin'ny fanatsarana ny fanjariantsakafo eto Madagasikara, indrindra any amin'ny faritra atsimon'ny nosy. Ny haintany maharitra sy ny loza voajanahary miverimberina tany Atsimo dia niteraka voka-dratsy teo amin'ny toekaren'ny faritra sy ny fahasalaman'ny mponina ao aminy.

Nanomboka ny taona 2015, nanome 346 tapitrisa dolara mahery ny USAID ho fanampiana vonjy maika sy fampandrosoana ny any Atsimo, izay nanampy olona maherin'ny 1,5 tapitrisa amin'ireo marefo indrindra eto amin'ny firenena.

"Tao anatin'ny valo amby telopolo taona izay, niaraniasa tamin'ny fitondram-panjakana sy ny vahoakan'i Madagasikara izahay tamin'ny fiatrehana ny rivodoza, ny pesta, ny kitrotro ary ny haintany. Hitohy ny fiarahamiasa, toy ny mpirahalahy mianala, mba hamahana ny olan'ny tsianjariantsakafo », hoy ny Ambasadaoro Pierangelo.

***Aly***

Mandritsara

# Miaina jalin-drano toy ny mandavan-taona ny mponina

Haingon-tanàna ny fotodrafitrasa natao hamahana olana amin'ny famatsiana rano Miaina amin'ny fijaliana vokatry ny tsy fisian'ny rano toy ny efa fahita mandavan-taona ny ao tampon-tananan'i Mandritsara . Miditra volana septambra, mamely ny tsy fisian'ny rano fisotro madio izay toy amin'ny faritra maromaro ireto; Ambohimandroso, Antsahabe Avaratra, Andohomby, Mandritsara Vaovao, Maroamboka. Milaza ny hamaha ny olan'ny tsy fisian'ny rano fisotro madio izay ny mpitondra fanjakana tonga manao fitsidihana aty an-toerana. Vahaolana farany ny fametrahana lava-drano hisintomana rano ao Sahavoay entina hanampiana ny efa misy. Ankehitriny mbola tsy misy fitaovana mpisintona rano avy anatin'ny lava-drano napetraka ka lasa haingon-tanàna ity toby ity. Volana maromaro izay nanokanana ity toby ity, mandraka ankehitriny mbola tsy miasa nohon'ny tsy fisian'ny fampitaovana ao anatiny. Manampy trotraka ankehitriny koa ny fahasimban'ny fitaovana manintona rano ao amin'ny tafian-gadra.

***Stefa***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 13/08/2022 hatramin'ny 20/08/2022**

- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61
- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50/033 05 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51/034 89 056 09

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1337-08-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

VOKATRA FANONDRANA

# 24.000 Ar eo ny vidina singana lavanila iray any ivelany

24.000 Ar eo ny vidina singana lavanila iray, na gousse de vanille iray any ivelany. Arak'izany, lafo vidy tokoa ity vokatra fanondrana anisan'ny mampalaza an'i Madagasikara ity any ivelany, ny vidin'izany vokatra izany eny amin'ny tantsaha mpamokatra eto amintsika anefa dia azo lazaina ho ambany ihany, satria noferan'ny fitondrana ho 70.000 Ar ny vidin'ny iray kilao, amin'ny faritra sasany aza anefa, mora lavitra noho izany ny vidiny: 20.000 Ar, na tafidina hatramin'ny 15.000 Ar akory aza. Arak'izany, mahazo tombony be tokoa ny mpanondrana ity vokatra fanondrana ity eto amintsika, raha tarafina amin'io vidina singany iray io. Ny 1 kg lavanila maitso dia hahitana voana lavanila 36 ka hatramin'ny 40. 5 kg lavanila maitso anefa no hahazoana 1 kg lavanila masaka, noho izany ny lavanila masaka 1 kg mety misy voany na singana lavanila 180 ka hatramin'ny 200 isa. Eo amin'ny tsena iraisam-pirenena noho izany, ny lavanila masaka 1 kg dia mety hahazoana hatramin'ny 4,8 tapitrisa Ar ny vidiny na 4.800.000 Ar.




***Aly***

Fifamoivoizana

# Ratsy dia ratsy ny lalana mankany Marolambo


Ratsy dia ratsy tokoa ny lalana mihazo ny distrikan'i Marolambo any amin'ny faritra Atsinanana amin'izao fotoana. Izany hoe ny lalana Mahanoro Marolambo. Nampanantenaina hanamboatra izany ny fitondrampanjakana, satria nanambara ny filoha Andry Rajoelina tamin'ny 25 febroary 2022 lasa teo rehefa nitsidika ny tany an-toerana izy, fa efa tany Mahanoro ireo fitaovana hanamboarana izany lalana izany. Hatramin'izao araka ny vaovao voaray, tsy misy izany fitaovana fanaovan-dalana izany tonga any Marolambo. Mijaly ny mponina any an-toerana, noho izay faharatsiana sy fahapotehan-dalana izay, midangana ny vidin-javatra, ny vokatra any amin'ity distrika ity anefa tsy tafavoaka. Araka ny vaovao voaray, ireo tanora avy any Marolambo, hanatrika ny JMJ Mada X hatao any Antsirabe faritra Vakinankaratra hanomboka anio dia nisy ny nandeha an-tongotra hamonjy izany fihaonamben'ny tanora katolika manerana ny Nosy izany, avy any Marolambo ary nivoaka tany Antanifotsy faritra Vakinankaratra, nialoha ny hahatongavany tany an-drenivohitra Vakinankaratra.

***Aly***



BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 402




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0401)

*Mitsivalana*
- Pataloha
- Akalana
- Rano – Ilo
- Antsa – At
- Sata
- Inri – Ory
- Rava
- Ma (miv)

*Mitsangana*
- Paraky
- Naka (miv) – RN (miv)
- Tantara
- Sola (miv) – IV
- La – As
- Ony – Ao
- Halatra
- Miato (miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 402



**Mitsivalana**

**1.** Mitovy amin'ny masina – Notanterahina vao haingana **2.** Foto-tenin'ny fanadinana (miv) – Bengy **3.** Sahala – Lavitra (miv) **4.** Amboarina tsara – Kianteny (miv) **5.** Efa miomana tsara – Tao **6.** Taova – Ao amin'ny Boky **7.** Mampitovy ny akoho sy ny akanga – Rainy **8.** Nanohana (miv) – Hery sy tanjany (miv) **9.** Toerana – Ao amin'ny fery **10.** Fanomezana ara-bola

**Mitsangana**

**A.** Bota – Maneno, manako **B.** Manahirana (miv) – Toerana **D.** Foko **E.** Salama (miv) – Ambany **F.** Mandalina maharitra (miv) **G.** Vizana – Hita ao amin'ny zipo **H.** Tsy lavitra – Fanafody **I.** Maneho fanoherana – Vorona **J.** Rango-pohy (miv) – Mpanoritra **K.** Hamerezana

### Valiny Teny mifanaraka 0401


**Mitsivalana**

**1.** Ampelatovo **2.** Koa - Enina **3.** Ody - Ota - Zo **4.** Nino - Mav(o) **5.** Dago - Kaina **6.** Kanety **7.** Atao (miv) - Raràn(a) **8.** Orana - Ana **9.** Akaton - Ry (miv) **10.** Sa - Trano (miv)

**Mitsangana**

**A** Akondro - As **B.** Modia - Aoka **D.** Paingotra **E.** OO - Aato **F.** Leo - Non(o) **G.** Antakarana **H.** Tia - Ana - Ar **I.** No (miv) - Miera **J.** Vazantany **K.** Ovainare(o)

## NY TENY FIAINANA




*"Fa mpiara-miasa amin'Andriamanitra izahay; ary sahan'Andriamanitra sy trano arafitr'Andriamanitra hianareo."* ***I Korintiana 3:9***

**Lova sy Mathias Ankoay U 18**

# Lasa any Le Caire Egypte niatrika ny "Camp BWB Basketball

Lasa any Le Caire Egypte niatrika ny "Camp BWB Basketball Without Borders" ho tanterahina ny 28 ka hatramin'ny 31 aogositra 2022 ho avy izao i Lova Andriantsarafara, Kapiten'ny Ankoay U18 Zatovolahy sy Mathias M'Madi, mpilalao mendrika indrindra, sady mpilalao mpampidi-baolina betsaka indrindra nandritra ny Afrobasket U18 natao teto Madagasikara farany teo. Fampiofanana taranja Basketball handraisan'ireo "Mpilalao sangany" sokajy U 18 miisa 64 avy amin'ireo Firenena miisa 26 aty Afrika io "Camp" io ary programana Basketball iarahana amin'ny "NBA Africa" sy ny "FIBA" ( Federasiona Iraisam-pirenena Basketball). Hahitana mpilalao Zazalahy miisa 14 avy amin'ny "NBA Academy Africa" miampy mpilalao Zazavavy miisa 6 avy amin'ny "NBA Academy Africa Women's program" amin'ireo mpilalao maherin'ny 60 mandray anjara ireo. Mpampiofana sy Mpanazatra fanta-daza maro avy amin'ireo Klioba lehibe eo anivon'ny NBA no miara-misalahy mampiofana ireto Mpilalao Tanora izay voafantina hisitraka ity "Camp de Basketball BWB 2022" ireo ary anisan'ireo miatrika an'io "Camp" io koa Atoa Jean Michel Ramaroson Filohan'ny FMBB amin'ny maha Filohan'ny Vaomieran'ny Fandaharanasan'ny fampandrosoana ny Basketball eo anivon'ny "FIBA Afrique" ny tenany.



*Lova sy Mathyas nanainga teny Ivato.*

***Rainilita***

**Lalao miverin'i Botswana sy ny Barea Chan**

# Efa misokatra ny famarotana tapakila

Nandresy an'i Botwana 1 - 0 tao an-taniny tamin'ny asabotsy 27 aogositra 2022 teo ny Barea Chan Malagasy teo amin'ny lalao mandroso ny fifaninantsanana dingana faharoa hahazoana miatrika ny fifaninanana Chan 2022 hatao any Algérie. Baolina matin'i Tsilavina ( Drogba) teo amin'ny minitra faha-17 no niantoka an'io fandresen'ny Malagasy io. Marihana fa ho tontosaina amin'ny zoma 02 septambra 2022 ho avy izao etsy amin'ny Kianja Barea Mahamasina manomboka amin'ny 4 ora tolakandro ny lalao miverina amin'ity fifaninantsanana ity. Nomarihan'ny FMF mpikarakara ny hetsika fa hisokatra amin'ny 12 ora antoandro ireo vavahady fidirana ao amin' ity kianja ity amin'io andro zoma io ary ny tapakila koa dia efa nisokatra amin'ny alalan'ny www.ticketplace ny fanjifana azy ka ho 5000 ar ny sandan'izany eny amin'ny "Gradin", ho 10.000 ar ny eny amin'ny " Tribune supérieure" ary ho 30.000 ar kosa hoan'ny VIP. Ny fivarotana mivantana an'izany tapakila izany koa dia nanomboka omaly alatsinainy 29 aogositra 2022 teny amin'ny Mass'in Isoraka, LaCity, Smart Tanjombato ary Akoor Digue. Eny amin'ny Kianja Barea indray rahampitso alarobia 30 sy amin'ny alakamisy 31 aogositra 2022 ho avy izao no hitohy izany fivarotana tapakila izany. Amin'ny Zoma 02 septambra 2022 andron'ny lalao kosa dia eny amin'ny « Palais des sports Mahamasina » no hivarotana an'izany. Rainilita Barea Chan 2022 tany Botswana.



***Rainilita***

**Championnat d'athlétisme sur piste 2022**

# Nifarana koa ny an'ny sokajy zokiny

Toy ny an'ny sokajy zandriny izay nifarana tamin'ny alahady 21 aogositra 2022 lasa teo dia nifarana tamin'ny alahady 28 aogositra 2022 teo ihany koa ny fifaninanana atletisma « Championnat d'athlétisme sur piste 2022 » hoan'ny sokajy zokiny izay mbola notontosaina teny amin'ny kianja monisipalin'Alarobia Antananarivo ihany koa. Ireo fifaninanana ireo no namarana tanteraka ny taom-pilalaovana 2022 hoan'ny taranja fototra atletisma Malagasy. Niakatra tamin'ny ankapobeny ny haavo teknikan'ireo atleta Malagasy, araka ny nambaran'ny filohan'ny FMA am-perinasa, Atoa Raherison Dominique, teny amin'ny kianjan'Alarobia tamin'io alahady io koa. Atleta zandriny nahatratra 950 isa ary atleta zokiny 350 no tonga nandray anjara tamin'ireo fifaninanana roa nifanesy ireo. Ny fanomanana ny lalao Cjsoi ho tontosaina amin'ny volana desambra ho avy izao sy ny lalaon'ny nosy 2023 hatao eto Madagasikara izao no himasoan'ireo atleta Malagasy, hoy hatrany ity filohan'ny FMA ity. Ho mafimafy anefa izany, hoy izy, manoloana ny haavo teknika ananan'ireo atleta Maorisiana izay tsy mitshatra mivoatra tanteraka raha tarafina tamin'ny fanatrehana ny lalao Afrikana farany natao tany amin'izy ireo. Mikasika ny kianja filalaovana atletisma eto amintsika dia tena mila fanarenana tanteraka, hoy ity filoha ity, ny kianja eto Alarobia mba hahazoan'ireo atleta manoman-tena tsara sy mafy. Ilay kianjan'Atletisma vao novelena ao amin'ny kianja Barea Mahamasina kosa, hoy hatrany izy, dia mbola tsy tomombana tanteraka ny amin'izyio fa mboka betsaka ny taranja tsy azo tanterahina ao .



***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Trondro gasy asiana lafika voanjobory** indray, no laoka amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anatsonga sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny jus-na paoma, celeri, kôkômbra, epinard, salady

Ny soa azo avy amin'ny jus-na paoma, celeri, kôkômbra, epinard, salady ary rano indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Manala ny loto ao anaty izany, na detox no filaza azy. Sotroina maraina atao in-3 na in-4 isak'herinandro mandritra ny iray volana. Zavatra ilaina:



-Paoma 1,
-Celeri tahony 2 miaraka amin'ny raviny tahony, fa tsy ilay vodiny 1 iny,
-kôkômbra kely 1,
-epinard 6 isa,
-Salady misy raviny 3,
-Rano 150 ml.

Afaka asiana tantely afaka tsy asiana.
Tsy azo asiana siramamy.
Mixer-na miaraka ireo dia sotroina 1 vera maraina.
Aza tatavanina.
Fanafana amin'ny tosi -drà avo izany , ny diabetika , ny manana tahana cholesterol ambony, ny mararin'ny cancer na homamiadana , ny aretin'aty, ny fo , ny olona matavy.
Aza manao izany kosa aloha ny vehivavy mitondra vohoka sy mampinono.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Ambatondrazaka, distrikan'Ambatondrazaka, faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Ambatondrazaka, distrikan'Ambatondrazaka, faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina sy ny distrika ary ny faritra Alaotra Mangoro Ambatondrazaka. Iray amin'ireo kaominina miisa 20 mandrafitra ny distrika izy. Any avaratra atsinanan'ny renivohitra Antananarivo no misy azy, mihazo ny lalampirenena faharoa no mankany, ka eo Moramanga no mivily mihazo ny lalampirenena faha-44 indray. 268 km miala ny reivohitra no misy azy. Efa azo lazaina ho avo toerana izy, satria 900 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Mpiasam-panjakana, mpiasa amin'ny tsy miankina, mpamboly, mpiompy ary mpanjono amin'ny farihin'Alaotra ny mponina any Ambatondrazaka. Ny vary no tena vokatra any, fa mamokatra haninkotrana toy ny mangahazo, ny vary, ny anana isan-karazany koa ny any an-toerana. Hazandrano mampalaza ny any Ambatondrazaka ny besisika. Manana seranampiaramanidina koa ity tanàna ity. Misy tanàna avo toerana, sy iva toerana koa Ambatondrazaka, mitovitovy amin'Antananarivo sy Fianarantsoa.

